

# GAZETY Tantely

*"Ary ny toho-tantely ho mamy eo am-bavanao" (Ohab. 24:13)*

**Laharana faha-85 / 25 Desambra 2019/ 1.000Ar**


# KRISMASY 2019



**« Indro ny virijiny hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy; Ary ny anarany hataon'ny olona hoe Imanoela, izany hoe, raha adika: "Amintsika Andriamanitra" » (Mat. 1 :23)**


Sabatry ny Fanahy >2
Ilo mby an-doha >3
Herinandro Sambatra >3

Vahiny >4
Sampana Chorale Maintimolaly >4
Voan-tsampana: Sekoly Alahady >5

Tenin'ny tanora >6
Voan-tsampana >7
Zana-Paritra >7
SAMIHAFA >8


GAZETY AVOAKAN'NY F.J.K.M. AMBOHITANTELY

# « Indro ny virijiny hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy; Ary ny anarany hataon'ny olona hoe Imanoela, izany hoe, raha adika: "Amintsika Andriamanitra" » (Mat. 1 :23)

Tao anatin'ny ady am-panahy i Josefa raha niseho taminy ny Anjely Gabriela nilaza ny hevitr' Andriamanitra mahakasika ny hahaterahan'ny Mpamonjy amin'ny alalan i Maria virijiny fofombadiny. I Maria aloha no nisehoan'ny Anjely voalohany, raha arahintsika ny tantara (***Lio.1 :26-38***), ary nilazany ny amin'ny nisafidianan' Andriamanitra azy, fa nahita fitia tamin' Andriamanitra izy ary voafidy hahatanteraka ny famonjena. Izay vao niseho tamin'i Josefa tao anatin'ny nofy tamin'ny alina ilay Anjelin'ny Tompo ka nanao taminy hoe: « ***Ry Josefa, zanak i Davida, aza matahotra hampakatra an i Maria vadinao, fa ny Zaza ao an-kibony dia avy amin ny Fanahy Masina, ka hiteraka Zazalahy izy, ary ny anarany hataonao hoe Jesoa, fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin ny fahotany*** » (***Mat.1.18-24***). Samy teny notononina tamin'i Maria sy i Josefa ny teny hoe « **Aza matahotra** ». Tena sarotra mantsy na ny fanapahan-kevitra horaisin'i Josefa, na ny toerana misy an'i Maria teo amin'ny fiarahamonina sy ny tontolo nisy azy ireo, satria mety hihatra hatramin'ny fitoraham-bato izany hoe vehivavy mitoe-jaza tsy ao anatin'ny fanambadiana izany. Tsy nisy nanafenan'ny Tompo ny lalana tiany nitondrana azy izy ireo, ary araka ny maha izy azy avy izany. I Josefa amin'ny maha taranak'i Davida azy, izay taranaka nipoiran'ny Mpanjaka teo amin' ny firenena Israely. I Maria indray dia nampahafantariny mahakasika ilay zaza haterany fa Jehovah Andriamanitra hanome Azy ny seza fiandrianan i Davida rainy. Ary samy nilazana izy ireo hoe « ***ny anarany dia hataonao hoe Jesosy*** » (Jesoa). Mahagaga ary feno fahendrena ny fomba nanomanan'ny Tompo ny fo sy ny sain'i Josefa sy i Maria, izay samy niafara tamin'ny fanekena sy fanoloran-tena ny hahatanteraka ny asampamonjena.

**Amintsika Andriamanitra... Aza matahotra**

Hatrany amin'ny fahariana dia mitoetra mandrakariva ny fitiavan'Andriamanitra ny olona izay nataony ho tahaka ny endrik'Izy Andriamanitra, ary tsy foiny fa na dia nihataka taminy aza dia nohatoniny ka nanehoany famonjena. Nampitafiany ny akanjo hoditra i Adama sy i Eva. Ary nataony tanteraka tao amin'i Jesoa Kristy ny famonjena ny olona rehetra, ka izay manaiky sy mandray Azy dia tonga zanak' Andriamanitra ; ka i Josefa sy i Maria no nataony ho fantsona sy fitaovana hahatanteraka ny fikasany.

Amintsika Andriamanitra. Andriamanitra amintsika dia milaza mazava sy amin'ny fomba hahatakarantsika azy ny lalam-pamonjena mba handraisantsika ny fiadanana nomeny amin' ny alalan'i Jesoa Zanany, nidina naka ny endriky ny mpanompo, nanaiky ho manam-pitoviana amin'ny olona. Tsy tany an-dapan'i Heroda no nisafidiany hahatongavan'ny Mpamonjy. Tsy tamin'ny fomba mirentirenty na tamin'ny fahendren'olombelona, fa tamin'ny fanetren-tena.

Amintsika Andriamanitra. Andriamanitra amintsika dia manaisotra antsika hiala amin'ny tahotra. Aza matahotra. Manatona antsika ny Tompo manonona amintsika ihany koa hoe « **Aza matahotra** ». Amin'io toerana misy antsika io no anononany izany teny izany. Amin'ny fanapahan-kevitra sarotra raisina ; amin'ny fiatrehana ny isan'andro izay ilàna herin-tsaina, herim-po, herim-panahy ; amin'ny fitaizana ny ankohonana ho an'ny raiamandreny ; amin ny fiainana ao anatin'ny fahatanorana izay isehoan'ireo zavatra samihafa misarika sy manintona… amin'izao maha ianao anao izao.

Amintsika Andriamanitra. Andriamanitra amintsika izay manonona ny fiadanany isan'andro. Fiadanana tsy mitovy amin'ny fanomen'izao tontolo izao izay tsy maharitra ary miankina amin'ny hita maso sy tsapain-tanana, fa fiadanana mitoetra ao am-po mandrakariva ka miteraka fitiavana dia fifaliana, fitiavana ny namana, fahatokiana, filaminan-tsaina, faharetana, fahombiazana, …

Mahafinaritra ny mamaky ny tantara manodidina ny fahaterahan'ny Mpamonjy. Fandre mandrakariva isaky ny fankalazana ny Krismasy izany. Ity Krismasy 2019 ity dia andeha horaisintsika ho fikasihan'ny Tompo ny fiainantsika manokana, tahaka izay niseho teo amin' ny fiainan'i Josefa sy i Maria. Samy tsy nisy nanam-po izy ireo, ary samy nanehoan'ny Tompo fahagagana manokana teo amin'ny fiainany. Aminao ihany koa ny Tompo dia manonona hoe « ***Aza matahotra*** », hikasika ny fiainanao manokana Izy izao ankehitriny itenenana izao. Mba ho Josefa isika, ho mpankato ny teny, nanao araka izay nandidian'ny Anjelin'ny Tompo azy ; mba ho Maria ka hiteny hoe « ***Inty ny ankizivavin'ny Tompo, aoka anie ho tonga amiko araka ny teninao*** ». Ka ho fitaovana hahatanterahana ny famonjena ho an'ny olona rehetra ihany koa ; fa raha izany no tanteraka dia hiseho ny voninahitr' Andriamanitra amin'ny avo indrindra.

Ekeo fotsiny dia ho hitanao ny zava-mahagaga asehon'ny Tompo amin'ny fiainanao. Fa ianao ihany koa dia manana anjara amin'izany, zanaky ny fiadanana tahaka an' i Josefa sy i Maria. Raha manaiky ianao dia ho fantsona hahatanteraka ny famonjena toa azy ireo.
Hanapaka ao am-ponao anie ny fiadanana.

***Ramatoa Andry Rakotonavalona***

***TENY TONGA NOFO***

Mazàna dia eo amin'ny fanambarantsika ny fahaterahan'i Jesoa Kristy Tompontsika no iresahantsika ny amin'ny hoe "Teny tonga nofo". Tsy lavina fa izany tokoa no izy. Saingy andeha hamantatra misimisy kokoa ny fahamarinana atolotr'Andriamanitra antsika isika ny amin'izao hoe "Teny tonga nofo" izao. Mifototra kokoa amin'ilay voambolana hoe "nofo" ny fanazavana izany. Izany rahateo no nahazoantsika ny teny hoe "incarnation" azo avy amin'ny latina hoe "in carno" izay manasongadina tsara ilay hoe "tonga nofo" na "ao amin'ny nofo". Ny voambolana hoe "nofo" (hebreo: basar) ao amin'ny Testamenta Taloha dia enti-manondro kokoa ilay "tontolon'ny Olombelona" (dimension humaine) izay malemy, voafetra. Ny "mifamaly" amin'izany tontolo izany dia ny "Fanahy" (hebreo: rouach) izay enti-manondro ilay "tontolon'Andriamanitra" (dimension divine) tsitoha, tsy voafetra. Izany no nolovain'ny Testamenta Vaovao amin'ny ankapobeny ny amin'ny voambolana hoe nofo izay ambarany amin'ny teny grika hoe sarx. Raha ny amin'ny Jao1,14 izay tena milaza ny amin'ny hoe "ny Teny dia tonga nofo" no ambara dia nandray an'io hevitra momba ny nofo io ny mpanoratra (mihitatra kokoa noho izay ny hevitr'i Paoly ny amin'ny hoe nofo ka tsy tokony hafangaro loatra eto). Ny nofo, araka izany dia tsy hoe ilay maha-hita maso ihany, fa ilay toetra (état) sy toe-piainana (condition de vie), malemy sy voafetra, itoeran'ny olombelona. Koa ny hoe "Teny tonga nofo" àry dia midika indrindra hoe: ilay Teny (grika: Logos), izay Fiainana (Jaona1, 3), dia nanaiky hiditra ao amin'io toetrantsika malemy sy voafetra io ; nanaiky hiaina tanteraka ao amin'io toe-piainana io. Tao amin'izany toetra sy toe-piainana izany no naharesy ny Ota izay hery mangeja io nofo malemy io satria tsy nahatohitra ny Teny. Tsy azo ihodivirana eo amin'ny Famonjena araka izany ny "fahatongavan'ny Teny ho nofo" satria ilay toetrantsika sy toe-piainantsika malemy ka gejain'ny Ota no noraisin'i Jesoa ary tao amin' izany maha-izy azy antsika izany mihitsy no namonoany ny Ota. Manome fanantenana antsika izany. Tsy isika intsony mantsy no andeha hanakatra ny tontolon'Andriamanitra amin'ny alalan'ireo fombafomba samihafa fanao heverin'ireo karazam-pivavahana misy, fa efa ny Tenin'Andriamanitra, izay Hery tsitoha no nidina, niditra an-tsehatra eo amin'ny tontolontsika. Ny fahatongavan'ny Teny ho nofo no mahatonga antsika ho tafiaraka amin'Andriamanitra, hiaina ny fomban'Andriamanitra. Ny hoe "Teny tonga nofo" noho izany dia fahamarinana tokony hanova ny fihevitsika Kristiana fa tsy zavatra tokony handosirana akory ny maha-olona fa zavatra tokony hoekena (à assumer). Tsy toetra sy toe-piainana tokony handosirana ny maha-nofo satria efa tonga "toerana iasan'ny Hery iray hafa (Teny)" izany. Ny maha-olombelona antsika àry, ny maha-izy azy antsika malemy sy voafetra, dia toetra sy toe-piainana, tokony ho raisina sy ekena amin'ny fifaliana satria efa tonga toerana ahafahan'ny Tenin'Andriamanitra miasa noho ny "Teny efa tonga nofo". Raha mitady toetra sy toe-piainana hafa ankoatra ny maha-nofo antsika aza isika dia tsy ho azo vonjena satria tao "amin'ny nofo" no nahatongavan'ny Teny fa tsy tamin'ny hafa. Ny maha-kristiana àry dia tsy fitsoahana (echappatoire) ny amin'ireo toe-piainana marefo sy feno olana velively ka hoe rehefa tonga kristiana dia tsy misy intsony ny Olana, tsy misy intsony ny aretina sns. Tsia! Toerana iray izay anekena ny fahalemen'ny tena izany ka eo amin'izany indrindra no iasan'ny Teny hahatsapana ny Herin'Andriamanitra mahagaga. Ny maha-kristiana ihany koa noho ny "Teny tonga nofo" dia tsy sehatra iray iheverana ny maha- tompondakan'ny fahamasinana ny tena. Ataon'izay efa masina ahoana intsony moa ny handray ny fanamasinan'Andriamanitra raha efa masina izy? Raha efa mahatsiaro ho mahery isika, ataontsika inona intsony ny Herin'Andriamanitra? Ny hoe "Teny tonga nofo" dia manova antsika fa eo amin'ny fanekentsika ny fahalementsika sy ny maha-voafetra antsika mandrakariva no iasan'ny Teny, ilay Herin'Andriamanitra, amintsika. Koa izao Krismasy izao anie dia ho fotoana hanekentsika indray ny fahalementsika, ny maha-voafetra antsika mba iasan'ny Herin'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika. Dia hiteny toa ny Apostoly koa isika rehefa nolazain'ny Tompo izy hoe "Ampy ho anao ny Fahasoavako, fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena". Hoy indrindra i Paoly: " Koa mainka sitrako ny hirehareha amin'ny fahalemeko (maha-nofo ahy) mba hitoeran'ny herin'i Kristy amiko. Koa dia finaritra aho amin'ny fahalemena, amin'ny fampahoriana, amin'ny faháterena, amin'ny fanenjehana, amin'ny fahantrana, noho ny amin'i Kristy; fa ny fahalemeko no fahatanjahako" (2Kor12,9b-10). Ny fiainana ao amin'i Kristy dia fiainana paradôksaly, toa Azy "Teny tonga nofo". Rehefa azonao izany dia azonao ny zavatra rehetra ; rehefa iainanao izany dia iainanao ny tena fiainana Kristiana. Mirary Krismasy feno Fiadanana.

***Ando Fanomezana, Mpitandrina.***

## HERINANDRO SAMBATRA (Santionan-tsary)



**SAMPATI SY STK**



**Famerenana farany Sekoly Alahady**



**TEHINA MANGA SY T.T.K.**



***Gazety Tantely (GT): Iza moa i Bessa?***

Andriantsifangitana Rabezafilahy Randzavola Ratsarisa Rakotovao Rabe Samuel dit Rakotovao Rabe Samuel afohezin'ny anarana artista hoe BESSA no tena anarana raha atao fohy no amehezana tsotra ny anaran'i Bessa. Teraka tao Ambatolaona Manjakandriana tamin ny 19 jona 1944... Zanaky ny mpitandrina mpianatry ny LMS ( London Missionary Society) Rakotovao Jean Samuel izay notokanana tao Ambohibary tamin'ny taona 1947, efatra mianadahy, 3 vavy ary lahitokana. Nanambady an'i Lola tamin'ny taona 1971. Niteraka 3 lahy ary 5 izao ny zafiny. Maro ny lalana artistika nolalovany. Tsy ary voatantara eto fa misy santionany vitsivitsy tsy ampoizina toy ny hoe: Mpitendry orga am-piangonana nandritry ny taona maro izy ary anisan'izany ny teto Ambohitantely. Izy koa ohatra no namoaka ny kapila voalohany 33 tours n'ny tarika Mahaleo fony izy nitantana ny Discomad tamin'ny taona 1972 tany ho any. Mpamoron-kira koa izy ary maro ireo hira noforoniny izay tsy fantatry ny olona hoe izy no namorona azy. Araka ny fanambarany dia be kokoa ny hira fiderana noforoniny noho ny karazan-kira "variétés" izay mety ahalalan' ny be sy ny maro azy. Niara-niasa tamin'ny mpanoratra maro toa an-dry Dox, Rado, Fredy Rajaofera, Haingo, Aina sy ny tsy voatanisa hafa ... Niasa tao amin'ny Ministeran'ny Kolontsaina sy ny Zavakanto, nitantana ny sampana "arts musicaux" ary nandrindra ny CNEM ihany koa. Tao amin'io Ministera io izy no nisotro ronono tamin'ny taona 1999 tany ho any. Nankalaza ny faha 75 taonany tamin'ity taona ity i Bessa. Nandalo teto Madagasikara izy nanao seho tokana tamin'ny 06 desambra lasa teo rehefa tsy hita teo amin'ny sehatra Malagasy nandritry ny 10 taona mahery. Mpihira maro namoronany hira, na mihira ny hirany no nanotrona azy tamin'izany. Any Toulouse Frantsa no misy azy amin'izao fotoana izao fa manantena ny hiverina eto an-tanindrazana matetika arak'izay azo atao izy araka ny filazany.

***Gazety Tantely (GT) : Manao ahoana ny akohonan i Bessa, Salama tsara daholo ve? firy izao ny zafikely?***

Salama daholo noho ny fitahian'ny tompo saingy tsy mbola manana zafikely aho... zafy no ananako... 5 no isany. Sarotiny aho amin'ny fiteny malagasy... ny zanajafy no atao hoe zafikely... samihafa ny hoe zafikeliko sy ny hoe zafiko kely. Ny ahy hatreto zanaky ny zanako no ao, izany hoe zafiko na zafiko kely fa ny zanaky ny zafiko na ny zafikeliko mbola tsy manana aho.

***GT : Manakoako hatrany ny sangan'asan i Bessa, indrindra rehefa ankatoky ny fetin'ny Noely tahaka izao, Mbola manao ny asa famoronana ve? na io tononkalo na hira?***

Rehefa misy ny ainga dia tsy maintsy ato izany... Ny farany nataoko teo izao dia ny hiran'ny faha 60 taonan'ny FPMA Toulouse.... Ao aho no miangona rehefa any ampita.

***GT : Azonao tantaraina fohy ve , manahoana ny fihomanan ny olona sy ny fomba fankalazan'izy ireo izany fety Krisimasy izany any ampita ?***

Ny ahy izao ny fijeriko dia ny kilalaonjiro mameno ny tanàna no hitako, ny haingo mirenty eny amin'ny "vitrines" fa ny olona tsy dia rototra firy.

***GT : Ambohitantely mamintsika rehetra, inona no nanamarika an i Bessa indrindra teto anivon y fiangonana?***

Ny mariazinjanako no anisan'ny lehibe amin'ny fahatsiarovako tato Ambohitantely ankoatry ny fifaliana nozaraina amin'ireo antoko mpihira roa tonta ato ampiangonana.

***GT : Fahombiazana ary tena nahafinaritra iny seho tamin ny faha 6 ny olana décembre iny , azo vinavinaina ve ny hamerenana azy na ho antsika eto anivon ny fiangonana na ho an ny sarambabe?***

Azo eritreretina tokoa saingy mila Fiomanana sy fanomanana

***GT :Inona no hafatra atolotry i Bessa ho an'ny mpamaky ny Gazety Tantely?***

Manaova Krisimasy sy Taombavao sambatra dia mandra-pihaona raha mbola sitraky ny Tompo....

***Nangonin'i Aina RAJOHARISON***

# CHORALE MAINTIMOLALY

Fo feno fisaorana an'Andriamanitra, Fanahy voky teny soa sy fiderana, Endrika ravoravo sy saina mikaroka kanto, Mpikambana vonona hatrany hidera, ary fianakaviambe mifankatia. Ireo no fehin'ny taona 2019 ho an'ny Chorale Maintimolaly Ambohitantely (CMA) Betsaka ny tetikasa nokasaina natao tamin'ity taona ity, fa an'Andriamanitra mpandahatra no manatanteraka izany ; nisy tontosoa soamantsara saingy betsaka koa no tsy vitanay. Nasehony anay fa fohy ny fisainanay fa Izy dia manana hevitra hafa hitondrany ny fikambanana ka hanasoavany ny CMA. Tsy antoko mpihira fotsiny ny CMA fa fianakaviana iray nampiraisin'Andriamanitra ary mpikambana tsirairay nomeny fanomezam-pahasoavana manokana. Fitaizana, fifanampiana, fitomboana amin'ny lafiny rehetra, fifaliana fa indrindra fitiavana no mampiaina ao amin'ny fotoana rehetra. Raha te hifampizara ireo aminay koa ianao, dia manatona ny mpikambana.
Ho an'Andriamanitra irery anie ny voninahitra.



CMA, hafa ihany Bessa, Canal Olympia Iarivo

# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

Notanterahina tamin'ny Aladady 8 desambra 2019 lasa teo ny alahadin'ny Sampana Sekoly Alahady (SA) izay niombona tamin'ny Sampana SA rehetra manerana ny sahan'ny FJKM. Maro sosona ny fifaliana satria tamin'io alahady io ihany koa no nanokafana ny taom-pankalazana ny faha- 135 taonan'ny SA Fitandremana Ambohitantely. Nanamarika izany ny fiarahabana ireo mpianatra, mpampianatra SA afaka fanadinana ara-panjakana ary koa niarahabana sy nanoloran'ny SA Foibe ireo afa-panadinana SA ka nahazo ny salan'isa 12/20 miakatra . Anisan'ny tsangambato faha-135 taonan'ny SA ny fanokafana sy fanolorana Livret caisse d'Epargne ho an'ireo afa-panadinana ara-panjakana taona 2018-2019 izay noraisin-tanana ireo ary nentin'ny Fiangonana am-bavaka ho tafita amin'ny avo indrindra satria dingana ihany ny fahafahana fanadinana ka ilana fampaherezana.Ny taom-pankalazana dia mandritra ny taona 2020. Ny hetsika rehetra ho tanterahin'ny SA amin'izany dia ho renesintsika miandalana. Tamin'io alahady io ihany koa no nametrahana sy nitsofan-drano ireo birao vaovao hitantanana ny SA mandritra ny 4 taona manaraka .Tamin'izany ihany koa nanaovana fanamiana vaovao mitovy ho an'ny mpampianatra sy mpandraharaha izay mitory fanafoanan-tena ka mba ho iray ihany izy ireo eo amin'ny asa fanompoana efa niantsoan'ny Tompo azy, ho voninahitr'Andriamanitra.Tamin'io fotoana io ihany koa no nandraisana tanana ireo mpampianatra SA miisa 17 nivoaka tamin'ny Sekoly Alahady Manofana Mpampianatra (SAMM) izay navoakan'ny SA Foibe teny amin'ny FJKM Isoavina Fihavaozana ny asabotsy 23 novambra 2019 lasa teo.

Miomana fatratra ny amin'ny fankalazana ny krismasy ny SA koa manasa antsika Fiangonana mba hanatrika ny Krismasy faha 25 volana desambra 2019 manomboka amin'ny 2ora sy sasany izay ho tanterahina eto amin'ny Fiangonana. Eto am-pamaranana dia mitaona ny Ray aman-dreny mba hazoto handefa ny zanaka hianatra ny tenin'Andriamanitra ary hiaina izany .Ny Feo tantely dia taninketsan'ny SA mandray ny ankizy sy ny tanora hidera an'Andriamanitra amin'ny Hira sy mozika Ny fianarana dia isaky ny asabotsy hariva 2ora-4 ora aty am-piangonana. Hoy ny teny faneva nofidin'ny SA iainana amin'izao taom-pankalazana ny faha-135 taona izao :"Fa aoka ho mpankato ny teny ianareo" Jak 1/22[a].

Eto am-pamaranana dia misaotra ny mpitandrina mivady sy ny Fiangonana manontolo ary ny fianakaviam-ben' ny SA Fitandremana Ambohitantely amin'ny fanohanana ny Sampana SA.

Ny biraon'ny Sampana SA dia mirary krismasy sy taombaovao sambatra ary fiadanana ho anao. Samia ho tahian'Andriamanitra!

***Dr Nivo Hanitra Randrianoelina, Filoha***



*Birao Sekoly Alahady*

## IREO AFA-PANADINANA

**CEPE**
ANDRIANIRINA Rinaldy Jedidia
ANDRIANJAFITRIMO Yasun
RABESO Miranto Harenasoa
RAJHONSON Miora Hanitriniavo Kantomalala
RAJOHARISON Andriamihaingo Arona
RAKOTOARIMALALA Hanniel
RAKOTOARISOA Iharena Landihasina
RAKOTOARITSIFA Aina Itokiana
RAKOTOARIVONY Holisoa
RAKOTONAVALONA Orima Toliniaina
RAKOTONDRAVELO Omenjanahary Mirasoa Ranjatia
RAKOTONIRINA José Fernando
RALIBETRA Aro Mathieu Emanuel
RAMAMPIONINJAFY Fanoy Soatia
RANAIVO Ny Avo Andraina
RAOLOSON Miora Kantomalala
RAOLOSON Miharisoa Gracia
RAVELOMANANA Riana Mahery

**BREVET** :
RANAIVOARISON Aina Sarobidy
RAKOTOMAMONJY Ihantana Mahaitia
RANAIVO RAVONISON Riantsoa Kevin

**BEPC** :
ANDRIAMANAMPIHERY Henintsoa
ANDRIAMORATSIRESY Miray Ambinintsoa
ANDRIANARISON Ilaina Tsiresy
ANDRIANARIVONY TOBIJAONA Joharinjaka Harena Toavintsoa
ANDRIANOMENA Tsivero Nantenaina
RAJOHARISON Andriamihaingo Ramy
RAJOHARISON Andria Rachel Victoria
RAKOTOARISOA Mialitina Fonohasin'Ny Harena
RAKOTONIRINA Mitia
RAMANDAVOLA Miranto
RASAMIARISON Soatiana Ny Safidinay

**BACC** :
ANDRIAMAZAORO Niaina Alinjaka
ANDRIAMPANARIVO Mendrika Valisoa
NOMENJANAHARYTantanantsoa
RADONOMENA Jaslly
RAHARISON Liantsoa Rianandro
RAJHONSON Koloina Stéphanie
RAJOHARISON Jenna Mendrika
RAJONSON Fenosoa
RAJONSON Vololontiana
RAKOTOMALALA Holy Tiana
RANDRIANOELINA Rasoanaivo Manankasintsoa
RAOLOSON Henika Lucas

**LICENCE** :
Rajonson Malalasoa

**MASTER** :
RAMANITRA Tsantanirina
RANDRIANOELINA Mihasina Tsiorintsoa

*« Ny Noelinay, noely hafakely,*
*Ny Noelinay, mamy toy ny tantely,*
*Satria Jesosy Tompo io, zay teraka ho antsika,*
*Nanova ny fiainanay, olona afaka izahay.*
*... »*

***Izany ampahan'ny hira izay noventesin'ny Sampana Sekoly Alahady izany indray ry Ambohitantely no entinay hiarabana anareo nahatratra ny Noely. Amin'ity taona 2019 ity, handeha hitafatafa amin'ireo tanora nandray anjara fahiny tamin'ny filalaovana ny tantara naterahan'ny Mpamonjy isika :***

***1- Inona no tena nanamarika anao tamin'ny fandraisana anjara tamin'ny Krismasy ?***
***2- Ahoana no niainanao izany aty aoriana ?***
***3- Inona ny vokatra naterak'ilay fandraisana anjara tamin'ny Krismasy fahiny ?***



Ny tena nanamarika ahy tamin'ny fandraisako anjara tamin'ny sehatra nokarakarain'ny Sampana Sekoly Alahady ny takariva ny Noely dia ny nilalaovako an'i Heroda mpanjaka. Nahafinaritra ahy ny niaina an'ilay tantara nandritra ilay seho. Mandraka ankehitriny, misy fotoana mahatsiaro izany aho hoe ary manontany tena hoe : « Rahoviana indray no mety anao tahaka ireny ? ». Ny voka-tsoa azoko tamin'ny fandraisana anjara dia ny fitombohan'ny fahasahiako mandray andraikitra amin'izay zavatra rehetra kasaiko atao.

**Lova ROBSON (HERODA Mpanjaka)**



Anisan'ny tena nanamarika ahy tamin'ireo sehatra rehatra nolalaoviko tamin'ny Krismasy dia ny nandraisako anjara ho Josefa. Tsaroako mandrakariva izany satria eo ny maha mpandray anjara fototra ahy, nefa ihany koa tamin'izany fotoana izany, ny tenako dia fohy noho ilay Maria...eny e, na hatramin'izao ary ...hihihi. Mirakitra ao am-po sy ao an-tsaina hatrizay ny hafaliana naterakin'ny fandraisana anjara. Toy ny vao omaly izany foana ny fotoana nolalaovana ny tantaran'ny naterahan'ilay M esia. Ankehitriny, lasa zatra makeo ambonin'ny sehatra dia lasa tsy menamenatra intsony aho rehefa mahazo andraikitra.

**Henika Lucas RAOLOSON (Josefa)**



Taona maro nifanesy no nandraisako anjara tamin'ny sehatra atolotry ny Sampana Sekoly Alahady rehefa andron'ny Noely. Noho izany, efa nilalao magy sy mpiandry ondry aho. Fa anisan'ny tena nanamarika ahy dia ny nandraisako anjara ho iray tamin'ireo Magy tonga nanolotra fanomezana ho an'i Jesoa zazakely. Ny tena nahafinaritra ahy dia ny fiarahana mankalaza ny andron'ny Noely amin'ireo havana aman-tsakaiza. Ny tsiahy an'ilay sehatra tsindraindray eo amin'ny andavanandro-piainana no tena mibahana ato amiko. Ny fandraisako anjara tamin'izany no nanampy ahy ho sahy sy mandrindra fisehoana ara-dalana.

**Miranto Andy ANDRIANARIVONY (Magy)**



Anisan'ny fety tena mahafinaritra ahy indrindra ny Noely. Mandray anjara amin'ny « arbre de Noël » aho isan-taona. Ny tena nanamarika ahy dia ny nanaovako anjely tamin'ny taona 2017. Faly sy ravo aho tamin'ny fandraisana anjara ka lasa mazoto manantanteraka ny fampisehoana atolotra ny takariva ny Noely eto Ambohitantely. Nahafahako nivelatra ara-panahy izany fandraisana anjara izany satria nanosika ahy ahafantatra bebe kokoa ny tantara ao amin'ny Baiboly.

**Toky RAKOTONIRINA (Anjely)**



Tiako foana ny mandray anjara amin'ny fanatontosana ny hazo Krismasy fa ny tena nanamarika ahy indrindra dia ny nandraisako anjara ho Maria, renin'i Jesoa. Fifaliana satria toa mampatsiahy hatrany ilay tenin'ny anjely Gabriela hoe : « Arahaba ry ilay nahasoavina, ny Tompo anie homba anao. » Midika izany fa eo anilako mandrakariva ny Tompo ary mampisy fanantenana foana ny fiainako. Mitaiza sy mamolavola ahy ka anisan'ny anakiray nahatonga ny fanapahan-kevitro amin'ny lalan-kizorana amin'ny hitondrako ny fiainako.

**Vololontiana RAJONSON (Maria)**



Anisan' ny role izay nanamarika ahy indrindra tamin 'ny Hazo Noely ny nanaovako anjely iray, izay mandihy miantso ny olona rehetra maneran-tany hidera sy hankalaza ny fahaterahan ny Jesosy tamin' ny Kilasy faha-8. Nahafinaritra sy nahafaly ahy indrindra ny nandray anjara tamin' ny izany satria afaka nanome ny tsara indrindra avy taty amiko aho , naneho ny talentako ary nizara ny fahaizako tamin 'ny hafa . Nahatsiaro menatra ihany aho tamin 'ny voalohany fa hitako hoe voarain 'ny olona tsara ny hafatra tian' ilay sora-dihy nampitaiko ka afaka vetivety izany. Vokatry izany taty aoriana dia lasa nanana fasahiana miakatra an-tsehitra aho , nizara ny fahaizako tamin'ny hafa ary nampiasaiko ny talenta izay nomen' Andriamanitra ahy . Tamin 'ny ity taona ity izao dia lasa izaho indray no nampianatra sora-dihy ho an'ireo mpianatra sekoly alahady izay mandray anjara amin' ny Hazo Noely. Koa manentana antsika ankizy rehetra mba andray anjara hatrany amin 'ny Hazo Noely fa mahafinaritra.

**Harimasimialy Hajaina RAOELINJATO (Anjely)**

***Nangonin'i Malalasoa RAJONSON***

# VOAN-TSAMPANA

## SAMPANA VOAOFANA, ASA MIRINDRA HAHITAM-BOKATRA



Ny 2019 moa dia taona nanaovan'ny sampana rehetra teo anivon'ny Fiangonan'I Jesoa Kristy eto Madagasikara (FJKM) fifidianana na fanaovaozana ireo birao-tsampana any anatin'ny Fitandremana tsirairay avy. Anisany nanao izany ny teto amin'ny Fitandremana Ambohitantely, ary samy efa tontosa sy vita avokoa ny fanokanana azy ireo. Taorian'ny fanokanana dia niroso avy hatrany tamin'ny fanofanana iraisana ireo birao-tsampana satria tokoa mantsy araka voafaritra ny lohateny etsy ambony dia anisan'ny singa iray mampandroso ny Sampana velona eo anivon'ny Fiangonana ny fanomezana azy ireo fiofanana ampy, hiantrehan'ireo asa aman'andraikitra sy ireo adidy aman-draharaha. Roa (2) volana be izao no niofanan'ireo Birao-tSampana miisa telo ambin'ny folo (13) tao amin'ny Fitandremana Ambohitantely izay ao anatin'ny Synoda-paritany Antananarivo Atsinanana (SPAA12). Lohahevitra maro no niarahana nidinika nandritra izay roa volana izay toy ny hoe "Izay handrasan'ny Fiangonana reniny amin'ireo Sampana", teo koa ny hoe "Ny Sampana miatrika ny fanatontolona" sns … Ireo mpampiofana moa dia nisy ireo Mpitandrina, Laïka ary olo-tsotra niaraha-nisalahy tamin'ny fanatanterahana ny fiofanana. Nanomboka ny Alahady 20 oktobra 2019 ka nifarana ny sabotsy 30 novambra 2019 ny fiofanana ka hantenaina sy hiriana moa mba tsy hijanona ho tahiri-kevitra sy fahalalana ho an'ny saina fotsiny ny fofanana izany natao fa mba hitondra aina vao ho an'ny Sampana izany ho fampandrosoana ny Fiangonana ka ho vonto ny Filazantsara ny Nosy Madagasikara.

***SOLOHERY RANDRIANOELINA***

# SAMPATI

Tontosa ny 30 octobra hatramin'ny 3 novambra lasa teo ny lasy lehiben'ny SAMPATI XXIème. Faly sy ravo ireo ankizy nilalao sy nanarapo tamin'ny karazan-dalao nomanin'ny mpiandraikitra. Ny andro voalohany natokana ho an'ny koja, nametrahana ny faritry ny sokajy tsirairay avy. Lalao lehibe kosa no nameno ny andro faharoa, narahin'ny afon-dasy : seho an-tsehatra sy hirahira maro samihafa. Famaranana ny lasy ny andro fahatelo izay nanasongadinana ireo mendrika ka nahazoan'izy ireo fanomezana.

Ny Alahady 17 novambra 2019 lasa teo kosa ny Alahadin'ny SAMPATI teto amin'ny fitandremana, narahana fiaraha misakafo, izay nampiray ny fianakaviambe tokoa.

Misokatra foana ny varavarana ho an'ireo liana, isaka ny asabotsy hariva amin'ny 2 ora ny fivoriana ka manomboka ny 18 janoary 2020 izao indray . Miandry an'ise !

***« Tano ny finoana ho apinga »***



# ZANA-PARITRA

## BETLEHEMA

Na dia misandrahaka ara-toerana aza ny Zana-paritra Betlehema: Tsiafahy Ambatofotsy Atsimondrano, Iavoloha, Ambohijanaka, Mahalavolona, Andoharanofotsy, Tanjombato...dia noho ny fitahian'i Tompo dia nisy akony ny fanentanana ka nahatontosa ireo vinavina izay nokasainy hatao ny Zana-paritra Betlehema.
Ireto hetsika ireto no nanamarika ity taom-piasana ity:
- Ny fandraisana anjara mahavitrika tamin'ny tsena Fety ny Taranaka teo izay nofaranana tamin'ny sakafom-pifaliana ny asabotsy 07 Desambra
- Ny ezaka fanampiana ara-bola ireo sahirana eny Ambohijanaka.

Efa manangona fitafiana, kiraro sy ny sisa...ny Zana-paritra izay kasaina hatolotra ho an'ireo sahirana ihany ao aoriana kely.
Ity andinin-tSoratra Masina no entin'ny Zana-paritra Betlehema, mamarana am-pifaliana ity taom-piasana ity:

***Galatiana: 6/9***

"Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika, fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika".

***Lilia RAHARIMIADANA, Mpanentam-paritra***

## GALILIA




Ireo Biraom-Piangonana vaovao


Fanokanana Birao Chorale Maintimolaly


Isan'ireo mpampianatra Sekoly Alahady nivoaka SAMM


SAMPATI


Zana-paritra Betlehema


Alahadin'ny SAMPATI


Fanokanana Diakona, fiomanana


Fisindan'ireo Katekomenasy mpiahy azy ireo

